

DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Fanomezana Fisaorana

Naratra Jesosy mba ho sitrana isika.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Misy hery miafina lehibe ao amin'ny fanomezana fisaorana. Tsy vitan’ny hoe mamoaka ny herin’Andriamanitra manao asa fahagagana izy io, fa rehefa avy niasa koa ny herin’Andriamanitra nanao fahagagana, dia mandray tombo-kase ny fitahiana azo avy amin’ny fanomezana fisaorana.

> “ Ary raha niditra tao amin’ny vohitra anankiray Izy[Jesosy], dia nisy boka folo lahy nifanena taminy, izay nijanona teny lavitra eny. Ary izy ireo niantso mafy nanao hoe: Ry Jesosy Tompo ô, mamindrà fo aminay. Ary raha hitany ireo, dia hoy Izy taminy: Mandehana, misehoa amin’ny mpisorona. Ary rehefa lasa izy ireo, dia nadio teny am-pandehanana. Ary ny anankiray tamin’ireo, raha nahita fa sitrana izy, dia niverina ka nankalaza an’Andriamanitra tamin’ny feo mahery

sady niankohoka tamin’ny tongotr’i Jesosy ka nisaotra Azy; ary Samaritana iny lehilahy iny. Dia namaly Jesosy ka nanao hoe: Tsy efa voadio avokoa va izy folo lahy? Fa aiza ny sivy? Moa tsy nisy hita niverina hanome voninahitra an’Andriamanitra afa-tsy ity olona hafa firenena ity ihany va? Ary hoy Izy taminy: Mitsangàna, mandehana; ny finoanao no efa nahavonjy anao..’” (Lioka 17:12–19,)

Ny boka folo dia sitrana ara-batana. Nisy zavatra fanampiny anefa nitranga tamin’ilay niverina nanome saotra. Hoy i Jesosy: “Mitsangàna, ka mandehana; ny finoanao no nahavonjy anao.” Ny teny hoe “sitrana” amin’ny teny Grika dia sozo, midika hoe “mamonjy”. Averina indray, izany dia saika manondro zavatra mihoatra noho ny fanomezana ara-batana na vonjimaika avy amin’Andriamanitra fotsiny. Io no teny maha-vonjy rehetra.

Nisy fahasamihafana lehibe teo amin'ireo boka. Sivy no sitrana tamin’ny lafiny ara-batana ihany. Ny fahafolo, izay niverina nanome fisaorana an’Andriamanitra, dia sitrana tsy ara-batana ihany, fa ara-panahy koa—voavonjy ny fanahiny. Nentina tao amin’ny fifandraisana marina sy mandrakizay amin’Andriamanitra izy. Ireo sivy hafa dia nahazo fitahiana ampahany, vonjimaika; ny fahafolo nahazo

© 2008 - Dries Du Plessis

fitahiana feno, maharitra. Ny tsy fitoviany dia ny fanomezana fisaorana.

Misaotra Anao, Jesosy ô, noho ny Asanao teo amin’ny hazo fijaliana. Manambara aho fa ny fanomezana fisaorana dia mitondra fitahiana feno, sy maharitra ary noratraina Jesosy mba hahasitrana ahy, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-101-MLG

Nohavaozina farany: 09 Oct 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

